


## ALAHADY PAKA VI - TAONA D2022



« **Aoka tsy hitebiteby na hatahotra ny fonareo** » (Jo. 14 : 27) »

Ry Kristianina havana, Alahady faha-6 amin'ny Paka izao ka tsy mahagaga raha mampitodika antsika sahady amin'ny aorian'ny Paka izany hoe ny hivelomantsika ny Paka ka ireo vakiteny arosan'ny Eglizy amintsika nandritra izay Alahady dimy izay dia nentina nanampy antsika nandalina ny toe-panahin'i Kristy sy ny toe-piainan'i Kristy mpiandry ondry tsara, Kristy endriky ny famindram-po, Kristy velona eto amintsika, Kristy foto-boaloboka. Koa amin'izao ny vakiteny dia manampy antsika hiaina, hivelona ireo toe-panahy rehetra ireo ka hahatonga antsika ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA araka ny averimberintsika mandritra izao Sinaody izao. Mino aho fa efa manomboka ho takatsika tsara ny tanjon'ny Sinaody.

Vakiteny I : Asa 15, 1-2. 22-29

Tononkira : Salamo 66

Vakiteny II : Apôk. 21, 10-14. 22-23

Evanjely : Jo. 14, 23-29

Tsy hoe hiady irery isika na hikombona rehefa eo anivon'izao tontolo na dia tsy anisan'izao tontolo izao fa nomen'i Jesoa ny Fanahiny Masina, ilay Fanahy izay niasa tao Aminy ka nampibaribary ny

fiombonan'ny Trinite masina ka ho Olo Araiky tokoa, ho Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Raha te-hiombona amin'i Kristy isika, izany hoe ho Kristy mpiara-belona dia hitoetra ao amintsika ny Fanahiny ka afaka mitandrana ny teniny isika sy manatanteraka izay lazainy amintsika. Ho tahaka an'i Masina Maria nilaza tamin'ny Arkanjely Gabriely hoe : *“Aoka ho tanteraka amiko araka ny teninao”* ka tanteraka tokoa izany satria Renin'Andriamanitra i Masina Maria. Izy no nitondra an'i Jesoa amintsika. Raha mitandrana ny tenin'i Jesoa isika izay vao avy nanavao ny toky tamin'ny batemy ka tonga olom-baovao sy zava-boahary vaovao dia irahina hitory ny

finoana, hamafy ny fanantenana, hamafy ny fiadanana fa indrindra amin'izao andro sarotra izao. Isika tokoa no Kristy Mpiara-belona amin'olona.

Tsy isika irery no hanatanteraka an'izany fa araky ny nampanantenain'i Jesoa *“raha misy tia ahy dia hitandrina ny teniko ka ho tian'ny Raiko ary hankeo aminy izahay ka honina ao aminy”*. Sanatria onenan'ny Fanahin'Andriamanitra toy ny tromba isika fa Fanahy mahatonga antsika ho olom-baovao no ambaran'I Jesoa. Ary izany dia manomana antsika amin'ny Pantekoty. Ny Fanahy Masina tokoa no hanampy antsika hivelona ireo teotr'I Jesoa ka hahatonga antsika ho Krsitianina, ho Kristy Mpiarabelona amin'ny Olona, ho Olondehibe amin'ny finoana.

Kristy mpiara-belona amin'olona isika ka omeny ny Fanahy masina ho olom-baovao ao aminy, ho Kristy velona . *“Fa izay tsy tia ahy kosa tsy mba mitandrina ny teniko ary ny teny zay zarainareo dia tsy ahy fa an'ny Raiko”*. Raha mitandrina ny tenin'i Jesoa isika ka manatanteraka azy izay tsy inona fa ny fifankatiavana sy ny fanompoana *“Mifankatiava ianareo tahaka ny nitiavako anareo, ataovy izao ho fahatsiarovana ahy”* . Izay no maha-mpiangady ondry tsara an'i Kristy, izay no maha fotoboaloboka azy ka mampamokatra ny fiainantsika araky ny sitrak'Andriamanitra.

Ny voalazan'i Jesoa amin'ny evanjely dia tsy mandeha ho azy, izany no mahatonga azy milaza hoe *“ maro ny zavatra tokony ampianarina anareo fa tsy ho zakanareo fa ho avy ny Fanahy Masina ilay Fanahy ny Mpanafaka alahelo, dia ny Fanahy Masina, izay hirahin'ny Ray amin'ny Anarako, no hampianatra anareo ny zavatra rehetra, sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra nolazaiko taminareo. »* Ny Fanahiny masina no irahiny, izany no miasa amin'izao fotoana izao raha avelantsika miasa izy. Indrisy fa ny olana matetika, tsy connecté aminy isika izay mandray ny Fanahy masina, ka tsy mahagaga raha manaonao foana ka zary manapotika, izany ny atao hoe fahotana. Ary araka naverimberintsika efa misy ny rafipahotana ka vao mainka manahirana ny ady. Matetika aho no mampitandrina sao ho diso ady atrehina isika na koa ho diso lalan-kaleha. Izao isika miatrika ny Sinaody izao indrindra no mila ny Fanahy Masina hanoro antsika, hanambara antsika ny ady sy dia tsy maintsy tanterahintsika.

Olom-baovao isika ao amin'i Kristy ka sokafy ny fo amam-panahintsika hiasan'ny Fanahy masina ao am-pontsika ao, amin'izay hanana ny herin'ny Fanahy masina isika dia ilay Fanahy masina niasa tao amin'i Jesoa ka nahatonga azy niteny hoe : *“Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo naniraka ahy hitory vaovao mahafaly, hanala izay mamatopatra rehetra, hanafaka alahelo”*. Isika koa dia tahaka izany izay eo anivon'izao tontolo izao fa tsy anisan'izao tontolo. Izany no maha Eglizy Olona Velona antsika mpanorina Eglizy Tranon'Andriamanitra izay trano iombonana efa potika noho ny fahotantsika.

Feno ny Fanahy masina ilay nampantenain'i Kristy isika izao ary izany no voalazantsika teo ampiandohana fa ny vakiteny dia efa mampitsinjo antsika amin'ny fiainantsika aorian'ny Paka dia ilay pantekôty vaovao andrandraintsika hanorenantsika fiainam-baovao ao amin'Andriamanitra eo anivon'ny Eglizy kely fianakavian'Andriamanitra, eo anivon'ny Eglizy iraka, mba ho aim-baovao entanin'ny Paka ka hampianatra antsika ny lalan-kombana sy ny tena fiainana ary ny fahamarinana dia tsy iza fa I Kristy. Hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny

isika ka hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ka hahatonga antsika ho mpamafy fiadanana sy fandriam-pahalemana ka hampijoro ny tena marina hampiombona antsika.

Voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany izany raha mitantara ny zava-misy tamin'izany fotoana izany izy ka manambara fa rehefa avelantsika hiasa tokoa ny Fanahy masina dia hiova ny fiainantsika. Ireo olam-piainana sy sedram-piainana dia zary aim-baovao, hery vaovao manosika sy manampy antsika hanatanteraka ny hafatr'i Kristy hivelona ny tenin'Andriamanitra ary ny vokatr'izay izany dia izay voalazan'i Jesoa ao amin'ny evanjely dia ny fiadanana. Tsy araky ny fandinihan'izao tontolo izao anefa fa araky ny vokatry ny fihavaozana nentin'i Kristy, vokatry ny asan'ny Fanahy Masina ao amintsika ka hahatonga antsika hahita ny marina, hahafantatra izay marina izay ka hifankatia tokoa isika, hifanasoa, hitady izay soa iombonana, amin'izay ho mpamafy fiadanana sy fanantenana isika. Ambaran'ny vakiteny faharoa fa *“ rehefa tanteraka izany rehetra izany dia nasehony ahy ny tanàna masina, dia i Jerosalema nidina avy any an-danitra, avy amin'Andriamanitra. Namirapiratra ny voninahitr'Andriamanitra izy ary voazavan'ny kintana sy ny vato sarobidy, dia ny vato jaspera izay azo itarafana toy ny kristaly”*. Jerosalema dia ilay tanànan'ny fiadanana sy masina satria misy an'Andriamanitra izany koa no irintsika amin'izao isika hamakivaky ny herinandro vaovao ity izao, hanjaka eo anivontsika tokoa anie i Kristy. Izany no tanjona amin'izao Sinaody izao ka hahatonga antsika ho EGLIZY OLO VELONA VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY TABERNAKLA MANORINA TRANOBE IOMBONANA DIA FRATELII TUTTI, NY FIANAKAVIAMBEN'ANDRIAMANITRA, OLO ARAIKKY ARAIKY ISIKA JIABY...

Masina ny fiainantsika raha Andriamanitra ilay Masina no eo anivon'ny fiainantsika, eo anivon'ny fianakaviansika Eglizy kely, eo anivon'ny fiaraha-monintsika, eo anivon'ny firenentsika ka amin'izay hiadam-pinaritra isika. Izay ilay Jerosalema. Ambaran'i Md Joany amin'ny vakiteny faharoa *“ naseho ahy ny tanana masina nidina avy any an-danitra”*.

Ry Jesoa Tompo ô, eto anivonay tokoa ianao na dia efa niakatra any an-danitra aza, miara-dàlana aminay ianao fa indrindra amin'izao Sinaody izao mba hahatonga anay ho Kristy mpiara-belona amin'olona. Ianao koa no nampanantena anay ilay Fanahinao masina mpanafaka alahelo, hampafantatra anay ny làlan-kombana fa raha mitandrina ny Teninao tokoa izahay dia hahazo izany fiadanana izany ka ho afaka mizara izany eo amin'ny mpiara-belona aminay izay hahatonga anay ho Eglizy Olona Velona manorina Eglizy Tranon'Andriamanitra, ilay tranoben'Andriamanitra ka ho taranaka mpanorina. Na dia eo aza ireo zava-manahirana tsy maintsy atrehina dia matoky izahay fa ao aminay ny Fanahinao hanananay ilay fiadanana nampanantenainao ka hafafinay amin'ireo manodidina anay. Omeo anay ilay nampanantenainao hankahery anay hijoro ho fahazavana eo anivon'ny mpiara-belona aminay. Masina Maria Mpanjakavavin'ny Eglizy niara-dalana mandrakariva tamin'ny Eglizy ianao ka matoky izahay fa miara-dalana aminay ianao amin'izao fiomanana akaiky amin'ny Pantekoty izao izay hamaranana ny dingana voalohany amin'ny Sinaody. Md Josefa, Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany ianao ka arovy ny dianay mankany amin'ny Pantekoty mba ho feno ny Fanahy Masina ka samy hahay hidera sy hankalaza an'Andriamanitra araka ny talentany izahay jiaby. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson